IREO LOZA MANANONTANONA NY TONTOLO IAINANA MIFANDRAY AMIN'NY RANO AO AMIN'NY TETIKASA FITRANDRAHANA VOLAMENA AO SOAMAHAMANINA

Ny fanambaràm-pikambanan'ny firaisamonim-pirenena nanohitra ny tetikasa fitrandrahana volamena ao Soamahamanina dia manakiana ny fanomezana fahazoan-dàlana ara-tontolo iainana nomen'ny Birao Nasionaly misahana ny Tontolo Iainana (*Office National pour l'Environnement*, ONE) ho an'ny orinasa JIUXING Mines SARL (1). Ankoatra ireo filazan-kevitra samihafa momba io navoakan'ny fampitam-baovao, dia nanoratra ho an'ny Collectif TANY ny Tale Jeneralin'ny ONE (2). Mbola maro anefa ny resaka tsy mazava, indrindra momba ny lafiny mikasika ny rano.

Ny fomba fitrandrahana volamena dia mety hitarika ny fampiasana akora simika mitera-doza

Tena miteraka fandripahana ny tontolo iainana sy fanimbana ny fahasalamam-bahoaka ny fitrandrahana volamena rehefa mampiasa akora simika mitera-doza, toy ny volavelona (*mercure*) amin'ny fitrandrahana ataon'olon-tsotra na ny sianiora (*cyanure*) amin'ny fitrandrahana mampiasa taozava-baventy (3). Ny Bokin'Andraikitra momba ny tontolo iainana (*Cahier de charges environnementales :* CCE) (4) naelin'ny ONE dia milaza fa « tsy misy akora simika ampiasaina amin'ny fanavahana farany ny volamena ». Kanefa ny ONE dia tokony hilaza mazava amin'ny daholobe ny antsimpirian'ny zavatra sy ny fomba fitrandrahana ny volamena izay ampiasaina amin'ny dingana samihafa eo amin'ny zotra fitrandrahana.

Ny fanariana rano maloto avy nampiasaina dia mety hiteraka loza goavana ho an'ny reniranon'Ikalariana. Nisy loharanom-baovao akaiky ny mpiandraikatra ity raharaha ity nanambara fa "ny orinasa mpitrandraka dia manana adidy hanao dobo na lavaka fanivanana hanadio ny rano avy nampiasaina alohan'ny hikorinany mankany amin'ny renirano" (5), koa manamafy izahay ny tokony hanomezana ny fanazavana ny fizotra manontolon'ny fitrandrahana sy ny antsipiriany mikasika ny fanivanana, alohan'ny hivarinan'ny rano avy nampiasaina ao amin'ny reniranon'Ikalariana. Inona no vokany amin'ny rano any ambanin'ny tany, ny handron-drano ambany tany (rano miaty, *nappes phréatiques*), ny renirano sy ny farihy manodidina, ny tany ety ambony sy ny ankibon'ny tany ? Ny fitahirizana na fandevenana akora misy poizina rehetra dia mampananontanona fandotoana goavana sy tsy misy fanafana ny tontolo iainana amin'ny ambaratonga rehetra.

Ny Bokin'Andraikitra dia manaiky ny fisian'ny loza mananontanona ny rano eo amin'ny « fitrandrahana volamena mampiasa milina (*exploitation mécanisée*) ». Milaza izy fa ny reniranon'Ikalariana izay eo anivon'ny tetikasa, dia efa mampiseho sahady « tahan'ny akora mitsikafona, ambony be, noho ny vokatry ny asa fikarohana volamena ataon'ny mponina ao an-toerana ery ambony» (4). Fa momba io toe-javatra io manokana, dia adidin'ny Bokin'Andraikitra ny monondro mazava ny karazany, ny heriny sy ny haratsiny aterak'ireo akora efa misy dieny tsy mbola manomboka akory ny fitrandrahana. Raha tsy izany, dia fomba ahoana no handrefesan'ny ONE ny fiantraika ratsiny efa misy sy mbola ho avy ary hiarovana ny mponina hiharany.

Ilaina indrindra sady maika ny fampisehoan'ny ONE fomba tena mangarahara manoloana ireo loza ara-tontolo iainana mandrahona faritra goavana. Ny ranon'ny renirano Ikalariana mantsy mifanena amin'ny Onibe sy Ikopa ary Betsiboka alohan'ny hivarinany ao amin'ny Lakan-dranon'i Mozambika. Ny kaominina amin'ny faritr'Itasy, Bongolava, Betsiboka ary Boeny koa izany mety hiharan-doza raha misy fandotoana amin'ny sianiora sy ny metaly hafa.

Ikalariana sy ny renirano hafa no hany loharano ho an'ny rano fisotron'ny olona sy ny biby, ho an'ny filàna andavanandro sy ny fanondrahana voly. Ireo asa rehetra ireo dia mety hiharan'ny fiantraikany mavesatra raha misy fandotoana, fa koa raha misy faharitan'io loharano io.

Ny vokatry ny fitrandrahana eo amin'ny tsy fisian'ny rano ho an'ny mponina manodidina

Araka ny andalana 62 ao amin'ny Bokin'Andraikitra, « ny reniranon'Ikalariana no hiavian'ny ny rano ilain'ny tetikasa ho an'ny fanodinana ny akora ». Misy « fanomezan-dalana vonjy maika haka rano eo amin'ny renirano Ikalariana nomen'ny Fahefana Nasionaly misahana ny Rano ary ny Fidiovana sy Fahadiovana (*Autorité Nationale De l'Eau et de l'Assainissement* ANDEA). Saingy na ny Bokin'Andraikitra na io taratasy voalaza io - araka ny fisehony eo amin'ny tranokala iray (6) - dia tsy ahafahana mahafantatra ny faharetan'ilay fanomezan-dalàna izay voalaza fa

manan-kery mandritra ny fotoana voafetra. Voalaza kosa fa izay fanovàna rehetra mikasika ny rano ilain'ny tetikasa dia tsy maintsy mahazo ny fanohanan'ny ANDEA ary ny fitrohana ny handron-drano ambany tany rehetra dia tsy maintsy ialohavana fandihihina lalina ary mahazo fahazoan-dalana avy amin'ny ANDEA (and.63). Raha tsorina izany, dia mety haharitra hatramin'ny farany ilay "vonjy maika"?

Manipika koa io Bokin'Andraikitra io fa tsy mahazo maka rano mihoatry ny 270 m3 isan'andro ny orinasa mpitrandraka, izay ny 260 m3 ho an'ny fanodinana ny akora ary ny 10 m3 ho an'ny filàna momba ny kojakojan'ny toby iainana (and. 62). Ny olana dia tsy nisy fanazavana nampitaina na momba ny habetsaky ny rano amin'ny fotoana mahakely indrindra ny rano mikoriana, na momba ny filàn'ny fiainana andavanandro sy ny fambolen'ny mponina eo an-toerana rano.

Ireo singa ireo dia mikasika ny fanomezan-dàlana ara-tontolo iainana efa nomena amin'izao fotoana izao, momba ny efamira fitrandrahana 7 (*carrés miniers*). ao amin'ny toby fitrandrahana ao Andravolobe. Ny alàlana hitrandraka anefa ahitàna efamira fitrandrahana 57 (and. 3). Loharano avy aiza no hampiasaina ho an'ny efamira 50 hafa ao aoriana ao ? Inona sisa no hijanona ho hampiasain'ny mponina ?

Tena ilaina ny valin'ireo fanontaniana rehetra ireo amin'ny antsimpiriany alohan'ny hanohizana fandinihina na fanombohana asa eo amin'ireo efamira 7. Tsy tokony hieritreritra hifindra eo amin'ny efamira 50 ambiny koa raha tsy mbola fantatry ny mponina mazava inona no zavatra angatahana ho ekeny, ka lazaina azy ny antonantony sy fiantraikan'ity tetikasa ity.

Ireo fandinihina sy fampahalalana momba ny loza mananontanona ny tontolo iainana mifandray amin'ny rano ireo dia ahafahana milaza mazava fa tafiditra ao anatin'ny mponina iharan'ny fiantraikan'ny tetikasa fitrandrahan'ny orinasa JIUXING Mines SARL ny olona mipetraka ao Soamahamanina, Arivonimamo II sy Morafeno, izay voafehin'ny fahazoan-dalana hitrandraka efa nomena ny orinasa, fa tafiditra ao koa ny olona mipetraka amin'ny kaominina hafa ao amin'ny faritr'Itasy, Bongolava, Betsiboka sy Boeny izay lalovan'ny rano avy ao amin'ny renirano Ikalariana avy eo.

Tsy maintsy esorina ny zavona matevina mandrakotra tanteraka ny fandinihina ny fiantraika ara-tontolo iainana notanterahan'ny orinasa JIUXING Mines SARL ary « nolazain'ny komity najoro manokana ho an'izany fa tsy misy olana » (and.6) ka noekeny fa « misy fiantraikany ratsy izay azo atao ny mitantana azy » (and. 5) (4) satria manana zo ahafantatra ny zava-misy ny olom-pirenena rehetra. Inona avy ireo fiantraika ratsy efa fantatra, ka nolazaina fa « azo tantanana » ?

Fanatsoahana lesona amin'ny traikefan'ny firenena hafa

Hatramin'izao ny fitrandrahana volamena teto Madagasikara dia matetika natao tamin'ny fomba nentim-paharazana. Mba ahafahana mahita ohatra mivaingana mikasika ny mety ho fiantraika ratsin'ny fitrandrahana mampiasa milina, dia ny fijerena ny fomba mampiasa fitaovam-baventy any amin'ny firenen-kafa no hisintonana lesona.

Any Papouasie Nouvelle-Guinée (7), dia ahitana fitrandrahana volamena mampiasa fomba moderina sy fitaovana vaventy ary akora simika toy ny sianida (*cyanide*) sy volavelona. Mandoto ny loharano ireo fomba ireo ary mandray anjara amin'ny fandravàna ny rohivoahary. Manimba ny voahary taza-maso sy miteraka faikan'akora miangona misy poizina. Mba hamerana ny fahavoazana ara-tontolo iainana, dia misy orinasa mandoaka lavaka ametrahany ny faikan'ny akora misy poizina. Saingy tsy mahasakana mandrakariva ny fandotoana ny tontolo iainana manodidina ireny lavaka ireny noho ny fitsinihana amin'ny tany sy ny rano ambanin'ny tany. Amin'ireo lavaka fanangonana faikan'ny fitrandrahana eran-tany miisa 3500, dia misy isan-taona iray na roa fitsinihana betsaka izay miteraka loza tsy hay anoharana sy tsy azo iverenana ho an'ny tontolo iainana any amin'ny firenena maro. Tafiditra anatin'ireo firenena voatanisa ho efa iharan'ny loza ara-tontolo iainana i Shina.(7)

Ankoatr'izany, any République dominicaine (8), ny olona mipetraka amin'ireo faritra iharan'ny fitrandrahana mivantana ao amin'ny toerana lehibe indrindra eto an-tany misy volamena dia nilaza fa tsy mamokatra intsony ny voly kafeny hatramin'ny nanombohan'ny asa fitrandrahana. Misy ray aman-dreny nilaza nahatsiaro « orana nitondra fofona tena mantsina ka voatery nalainy tany am-pianarana ny zanany ka nihidy aman-trano niaraka taminy nandritry ny adiny 24 ora misesy ». Ny rano ao amin'ny renirano kosa dia nanjary asidra be ka nandoro ny hoditry ny mponina sasany. Teny amin'ny talantanana isa-tokantrano kosa dia feno barikan-drano 20 litatra eo ho eo ary nanazava ny mponina fa "ny Orinasa" dia tsy nanan-tsafidy afa-tsy fizarana barikan-drano 4, matetika isan-kerinandro. (..) "Io rano efa voatantavana io no hany rano azon'ny mponina ampiasaina amin'ny toe-javatra rehetra, na ho an'ny sakafo, na ho an'ny fanadiovana ny vatana sy ny kojakojan-tokantrano ary ho sotroin'ny biby."(8)

Mangataka ny ONE izahay hamoaka haingana ho fantatry ny sarambabem-bahoaka ny fanadihadiana ny fiantrakany ara-tontolo iainana nataon'ny orinasa JUIXING Mines, izay tsapany fa mendrika. Andraikitra lehibe ny fanehoana ny fangaraharana mikasika raharaha eo amin'ny tontolo iainana sy ny lafiny sosialy ary ara-toekarena mavesa-danja toy izao.

Raha misy olana anatin'io fanadihadiana io, indrindra raha lehibe ny loza mananontanona apetraky ny tetikasa, dia tokony ho fohanana ny fahazoan-dàlana ara- tontolo iainana.

Famaranana

Hoy Andriamatoa Tale Jeneralin'ny ONE tao amin'ny taratasy nosoratany ho an'ny Collectif TANY hoe : *« Tsy anjaran'ny ONE velively no manajanona tetik'asa iray rehefa feno ny fepetra ara-teknika ary rehefa nifanaraka ny tompon'andraikitra eny an-toerana sy ny vahoaka* » (9). Mahatalanjona io fomba fijery io, izay mety hananan'ny tompon'andraikitra sy mpandray fanapahan-kevitra maro hafa eto Madagasikara, fa sady mampihen-danja no manao tsirambina tanteraka ny lafiny ara-tontolo iainana. Fanampin'izany, ny fepetra nahazoana io fifanarahana tadiavin'ny ONE hajaina io, dia hafahafa satria ny zava-dehibe mikasika ny tetikasa toy ny fahalalàna ny fiantraikany eo amin'ny tontolo iainana, dia tsy nampahafantarina ny tompon'andraikitra eny an-toerana sy ny vahoaka.

Satria ny fikambanan'ny firaisamonim-pirenena efa nitanisa lafiny samihafa mampisalasala momba ny fomba nakàna hevitra ny mponina sy ny tsy fanomezana hasina ny hevitry ny maro an'isa izay mandà ny tetikasa ao Soamahamanina (10 sy 1), dia manentitrentira ny maha-zava-dehibe sy mahamaika ny valintenin'ny ONE amin'ireo fanontaniana mikasika ny rano ireo izahay.

Mamelà anay mba hamarana amin'ny fampiasàna indran-teny : « Ny lokan'ady mikasika ny loza mananontanona ny tontolo iainana dia mahafaoka ny mponina, ny tontolo iainana voajanahary, sy ny fanànana ary ny fitaovana manoloana ny tranga mety hitera-doza. Tsy voafetra amin'ny faritra hiarany mivantana ihany : misy faritra lavitra avy eo koa mety ho voakasika noho ny fifampiankinana amin'ilay faritra voakasika, indrindra ara-toekarena na noho ny fisian'ny angovo.» (11)

Parisy, faha-9 aogositra 2016 (Dikateny Malagasy vita sy naely ny 17 aogositra 2016)

Ny fikambanana miaro ny tany malagasy - Collectif TANY

patrimoine.malgache@yahoo.fr http://terresmalgaches.info www.facebook.com/TANYterresmalgaches

Rakitra nisintonana hevitra :

(1) http://terresmalgaches.info/spip.php?article125 sy http://terresmalgaches.info/IMG/pdf/Newsletter_55_Soamahamanina.pdf
(2) https://drive.google.com/file/d/0Bzd_HeLNs87pNTJsT1owMDlMQ28/view
(3) http://minesqc.com/fr/question/comment-quon-fait-pour-extraire-lor-dune-roche/#sthash.ze60RRlf.dpuf, http://www.achat-or-et-argent.fr/contenu-108-106-307-les-techniques-d-extraction-de-l-or http://olivier.pingot.free.fr/sortie_VI_texte.html
(4) Cahier de charges environnemental assigné à la société JIUXING Mines :http://www.pnae.mg/index.php?option=com_content&view=category&layout=blog&id=61&Itemid=68 sy https://drive.google.com/file/d/0Bzd_HeLNs87pTzBXYjluTjRMbzA/view
(5) http://midi-madagasikara.mg/economie/2016/07/13/probleme-de-soamahamanina-contrat-conclu-entre-lexploitant-proprietaires-fonciers/
(6) http://www.madagate.org/madagascar-informations-politiques/a-la-une/5812-madagascar-tragedie-sociale-a-soamahamanina-alerte-pour-le-vatican.html
(7) Papouasie Nouvelle-Guinée : http://www.brilliantearth.com/gold-mining-environment/
(8) République Dominicaine : http://www.ritimo.org/L-eau-a-plus-de-valeur-que-l-or
(9) *« Tsy anjaran'ny ONE velively no manajanona tetik'asa iray rehefa feno ny fepetra ara-teknika ary rehefa nifanaraka ny tompon'andraikitra eny an-toerana sy ny vahoaka »* ao amin'ny taratasin'ny Tale Jeneralin'ny ONE ho an'ny Collectif TANY [jereo (2)] https://drive.google.com/file/d/0Bzd_HeLNs87pTzBXYjluTjRMbzA/view
(10) http://www.matin.mg/?p=34914
(11) http://www.eaufrance.fr/comprendre/les-risques-lies-a-l-eau/